

# FIAINANAN-DRY MASERAN'I LOUDÉAC MIBALIAKA (Bretagne - Frantsa)

## Nahita 'fanahy rahavavy' izy ireo

Matory ora maro eo an-joron'ny trano fihinanana i Mimi. Volana vitsivitsy izao ity sakavavy miloko mainty volondavenona ity no nifidy io fonenana mangina io, lavitry ny fiainana mirenireny nahazatra azy hatreto. « Fa amin'ny alina kosa dia matory any ivelany izy, », araka ny tenin'i masera Odile miaraka amin'ny tsiky mananihany.



Hatramin'ny fiandohan'ny taona 1980, ny kômitôte dia niala ny trano nisy ny Fitsaboana taloha an-dry masera Providence mba hiray petsapetsa amin'ny mponin'i Loudéac, trano tena tsotra. Fomba iray itondrana miaraka ny fiainam-panahy iorenanan'ny fisiany, ary fiaraha-monina miaraka amin'ny rehetra na mpino na tsia.

**Tsy misy na iray aza sorena**

« Fifandraisana tena tsotra no iainanay miaraka amin'ny olona, hoy masera Francine, mpampianatra misotro ronono tonga teto Loudéac telo taona izao. Sady mirotsaka amin'ny fiainan'ny Paroasy izahay no miditra tsara amin'ny fiara-monina. Misy firaisan-kina voaorina miaraka amin'ny mpifanolo-bodirindrina. » Eto fanampiana kely manao zaridaina, eroa fanomezana « voankazo nandrahoina » ilazana fisaorana, famangiana fianakaviana vao nisy tera-bao.Tena fifandraisam-piaraha-monina tsy misy fitaka. « Izay ny toe-panahin'ny Fikambanantsika : miezaka ho tetezana, vavolombelon'ny maha-iray. »

Samy manana ny toetrany sy ny anjara asany ny tsirairay. Tsotra sy be resaka, masera Odile tonga teto Loudéac hatramin'ny 2010. Mpitan-tsoratry ny Paroasy Loudéac sy i Plouguenast, misahana asa maro amin'ny fandaharam-potoana feno: taratasy mivoaka isam-bolana, hira, filazana ho an'ny gazety eo an-toerana, anisan'ny ekipan'ny pastôraly sy ny litorjia, mafy feo ao amin'ny antoko mpihira, sns.

Masera Anne-Marie, teratany avy any avaratra Finistère (Bretagne), mandray anjara amin'ny asa fiahiana ny toeram-pitsaboana ary manentana ny fotoam-pivavahana any amin'ny toeram-ponenan'ireo zokiolona. Ny feony manga dia fantatr'ireo mpianatra maintimolaly izay nianatra tao amin'ny Sekoly Stella-Matutina (Xavier-Grall ankehitriny), ny 1956 hatramin'ny 1980, tamin'izy tale tao.

Masera Madeleine nandao an'i Val-de-Marne ny 2013. Taorian'ny « fotoana maharitra naha mpampianatra ambaratonga fototra azy », Mirotsaka ihany koa izy amin'ny fiahiana ny hôpitaly. Indrindra ny fitondrana kômônio ho an'ny olona tsy afaka mandeha.

**Masera tanora malagasy iray** Izay ahay, ny tanora indrindra amin'ny ekipa, masera Jeannette, nametraka ny entany ho an'ny taona iray eto Loudéac, lavitra an'i Madagasikara nahaterahany. Manatanteraka andrana iraisam-pirena izy, mba « hahalala bebe kokoa ny tantaram-pikambanana » sy hiomana amin'ny voady farany hataony rehefa tafaverina any amin'ny firenena misy azy.. Matetika dia any amin'ny Sekoly Xavier-Grall no mameno ny androny mba hanatsara ny fiteny frantsay, manaraka fiofanana momba ny fanampiana olona, ary manampy madinidinika ao an-dakozia.

Masera Francine, manohana ny làlam-piofanan'i masera Jeannette. Mitantana ireo olon-dehibe miroso ho kristianina. Mitandro fatratra ity kôminôte kely mibaliaka. Anisan'izany Mimi !

**(Lahatsoratr'i Benoît Tréhorel, nivoaka an-gazetin'ny eto an- toerana )**